# Ilay Voa Tsara Nafafy 04 Oktobra 2018

**4** **Alakamisy**
oktobra

**Nampiasaiko ny foko mba hitady sy hikatsaka amimpahendrena ny zavatra rehetra izay atao atỳ ambanin'ny lanitra ; asa mahareraka ... izany.**
Mpitoriteny 1. 13

## Fahafoanana anaty hoe ? (1)

„Teraka tamin'ny taona 1941 aho, ary tsy mino an'Andriamanitra ny ray aman-dreniko. Koa tsy nahazo fampianarana arapivavahana mihitsy aho, nandritra ny fahazazako. Na izany aza anefa, dia samy nanontany tena fatratra izahay mirahalahy, momba ny dikan'ny fiainana. Fony nianatra izahay, dia nampindraminy boky mikasika ny hindoisma sy ny bodisma aho. Nahatalanjona ahy ny fiainan'i Bouddha, ary niriko mafy ilay fanafahana anaty izay toa efa azony. Namaky boky maro miresaka fampianarana miafina ihany koa aho, nanandrana nizatra nanao fandinidihana lalina (méditation), fisefoana ampifandimbiasina (respiration alternée), famerimberenana karazan-teny majika (récitation de mantras), izany hoe, raha fintinina, dia fifangaroana zavatra maro. Tsy nisy nanome fahafahampo ahy maharitra anefa ireo...

Nanambady aho, ary niteraka roa izahay. Nanana izay rehetra tokony hahasambatra aho, nefa vao mainka kivy tao anatin'ny fikatsahako zava-pahy. Tsy maintsy manafoana ny ao anaty, hono ; nefa ve ny fahafoanana, tsy mifanohitra amin'ny aina, izany hoe lalana mankany amin'ny fahafatesana ? Takatro ankehitriny hoe nahoana aho no tsy nihevitra afa-tsy ny hamono tena, tamin'izany fotoana izany. Tsy mifandray ve ireo lalana rehetra mitondra ho amin'ny fahafoanana sy io faniriana ho faty niha nameno ahy kokoa hatrany io ?

Tao anatin'izany hantsana lalina izany aho no nosintonin'i Jesosy Kristy. Naharitra roa taona no nanoratra tamiko ilay rahalahiko, mitantara hoe nihaona tamin'i Kristy, noho ny mpiara-miasa aminy iray nijoro ho vavolombelona. Izaho kosa tsy te handre momba izay fivavahana kristiana. Nataoko ho tsinontsinona Jesosy. Na izany aza anefa, dia nisy tara-pahazavana nitondra fanantenana, nipoitra tsikelikely tao anatiko. Ary raha mba marina tokoa moa ny an'ny rahalahiko ? Na ahoana na ahoana, tsy ho very na inona na inona aho, ary angamba aza, hisy zavatra ho azoko."

*Christian C. (mbola hitohy)*